Tantaran'Imady

L'histoire d'Imady

Ny Eja

Ther's
Kevin Brayan Ramamison

ECPAT France, pour une enfance à l'abri de toute exploitation sexuelle

Editions Sarabaliana

Tantaran'Imady
L'histoire d'Imady

Mpanoratra /Auteur : Ny Eja
Mpandika teny / Traductrice : DAMY GOVINA / ASSOCIATION GASIKO
Sary / Illustration : Ther's et Kevin Brayan Ramamison
Mpandrindra ny pejy / Graphiste : Kevin Brayan Ramamison
Mpitandraharaha / Direction éditoriale : Solonomenjanahary Eugenie

©ECPAT France Madagascar

Mpanonta ny boky / Editeur : Editions Sorakaliana
ISBN/978-2-9570836-3-3

Manomboka 8 taona /A partir de 8 ans

Imprimé à Madagascar par

Sasin-teny

Ity boky ity dia iray amin'ireo angano dimy izay novokarina mba hampiroboroboana ny fifandraisana mitovy sady tsy misy herisetra eo amin'ny ankizivavy sy ny ankizilahy eto Madagasikara.

Ireto boky ireto dia niainga tamin'ny asa fanavaozana natao tamina anganon'ny Ntaolo Malagasy izay miisa efatra (Ranoro, Trimobe sy Ifara vadiny, Ikotobekibo sy Ifaramalemy, ary Imady) ka nampidirana ny fomba fijery miralenta.

Ny tanjona amin'izany dia ny handravàna ireo karazana hevi-draikitra mahakasika ny mahalehilahy sy ny mahavehivavy ary hanovàna ny fomba fijerin'ny ankizivavy mahakasika ireo anganon'ny Ntaolo.

Ireto angano ireto dia maneho fa « tovovavy mijoro» ny ankizivavy ary afaka miady irery sy miara-miasa amin'ny ankizilahy, anaty fifanajana tanteraka.

Ireto angano ireto ihany koa dia mivoy fa ny ankizivavy dia mpitarika, mpilatsaka an-tsitrapo, manana nofy sy tetikasa ary toetra miavaka, ankoatra ilay hoe fanambadiana ny zanaky ny mpanjaka sy ny fananana taranaka maro.

Natokana ho an'ny ankizy manomboka 8 taona ny angano, ary arahana resadresaka. Misy fanontaniana araham-baliny, isakin'ny faran'ny boky mba ho taridalana ampiasain'ny mpamaky, sy ho famintinana ireo hafatra manan-danja tsara hotadidina.

Nisy ny fihaonana maromaro niarahan'ny mpanoratra, ireo ankizy ary ireo mpiantsehatra amin'ny fiarovana ny ankizy Malagasy namitana ny fanoratana ireo angano ireo.

Préface

Ce livre fait partie d'une collection de cinq contes visant à promouvoir des relations égalitaires et sans violence entre les filles et les garçons à Madagascar.

Cette collection propose une version revisitée de quatre contes traditionnels Malgaches (Ranoro, Trimobé et son épouse Ifara, Ikotobekibo et Ifaramalemy, et Imady) en intégrant une approche genre.

L'objectif est de déconstruire certains stéréotypes de genre et de modifier la perception des filles dans les contes classiques.

Ces contes présentent les filles comme des « filles fortes», qui sont capables de se débrouiller seules et de collaborer avec les garçons, dans un respect mutuel.

Les contes traitent de filles influentes, volontaires, avec du caractère, des projets et des rêves autres que d'épouser un prince charmant et avoir de nombreux enfants…

Ils sont destinés aux enfants, à partir de 8 ans et peuvent être accompagnés d'une discussion. Des questions et propositions de réponses sont intégrées à la fin de chaque conte pour guider le lecteur avec un résumé des principaux messages à retenir.

Des séances de lecture ont été réalisées avec l'écrivaine, des enfants, des acteurs de protection de l'enfance malgache pour finaliser l'écriture de ces contes.

Nadika tamin'ny fitenim-paritra Malagasy miisa enina dia ny fiteny: Betsileo, Antakarana, Antanôsy, Sakalava Betsimisaraka, Vezo, ary tamin'ny fiteny Frantsay.

Ireto angano ireto dia vokatry ny fiaraha-miasan'ny tranom-panontana boky « Editions Sorakaliana » sy ny ECPAT France ary ny mpiara-miombon'antoka aminy, ao anatin'ny tetikasa MIRALENTA ho fanetsehana ireo ankizy amin' ny fisorohana ny herisetra mifototra amin'ny mahalehilahy sy ny mahavehivavy eto Madagasikara.

ECPAT France dia misaotra sy mankasitraka indrindra ireo mpiara-miombon' antoka rehetra, anisan'izany ireo vondron' ankizy, ireo sekoly, izay mandray anjara amin'ny fanaparitahana ireto angano ireto ho an'ny ankizy eto Madagasikara.

« Meteza ho mpitondra hafatra amin'ny ady atao amin'ny tsy fitoviana mba hisian'ny fiarahamonina lavitry ny herisetra »

Ity famoaham-boky ity dia novokarina noho ny fanohanana ara-bolan'ny Vondrona eropeana sy ny Agence Française de Développement (AFD). Ny votoatiny dia niandraiketan'ny ECPAT France irery ihany izay tsy voatery ahitana taratra na ny hevitry ny Vondrona eropeana na ny AFD.

Les contes sont traduits en six dialectes Malgaches: Betsileo, Antakarana, Antanosy, Sakalava Betsimisaraka, Vezo et en français.

Les contes ont été réalisés avec la collaboration de la maison d'édition Sorakaliana dans le cadre du projet MIRALENTA mis en oeuvre par ECPAT France et ses partenaires pour mobiliser les enfants dans la prévention des violences basées sur le Genre à Madagascar.

ECPAT France remercie l'ensemble de ses partenaires, les clubs d'enfants et les écoles participant à la diffusion de ces contes aux enfants à Madagascar.

« Devenez des ambassadeurs dans la lutte contre les inégalités pour une société de demain sans violences »

Cette publication a été produite avec le soutien financier de l'Union européenne et de l'Agence Française de Développement (AFD). Son contenu relève de la seule responsabilité d'ECPAT France et ne reflète pas nécessairement les opinions de l'Union européenne ni de l'AFD.

MIRALENTA

TENY MIALOHA

Ity angano ity dia nalaina tamin'ny tantaran'Imady, lehilahy izay fanomezana avy amin-janahary : manana hery tsy mampino, vitany tao anatin'ny alina iray monja ny lakandrano lehibe manondraka ireo tanimbary.
Novonoin'ny mpanjaka izy kanefa tsy nety maty. Lavo ihany anefa izy rehefa nesorina ilay fanjaitra izay teo amin'ny lohany. Ity angano ity dia nohavaozina ary natao angano anankiroa : Ny tantaran'Imady sy Imady ilay mpiaro.
Ireo tantara ireo dia milaza an'Imady ilay feno hatsaram-panahy ary ambonin'izany dia manana hery sy tanjaka izay nataony indrindra ho fanatsarana ny fiainan'ny reniny sy ireo vehivavy tao an-tanàna.

AVANT PROPOS

Ce conte s'inspire de la légende d'Imady, un homme qui a été offert par le Dieu Zanahary : doté d'une force incroyable, il avait construit en une nuit un canal d'irrigation vers les rizières. Il fut mis à mort par le roi mais en vain, Imady ne succombait jamais jusqu'au jour où on lui enleva l'aiguille qu'il avait dans la tête. Ce conte a été revisité en deux : l'histoire d'Imady et Imady le protecteur.
Ces versions présentent un Imady d'une grande gentillesse qui met sa force au profit du bien-être de sa mère puis de toutes les femmes du village.

Taloha ela be tany hono, nisy mpivady, tsy nety nahazo zanaka mihitsy. Nanapa-kevitra izy ireo fa hanatona an-dRamalaza haka hevitra.
Ramalaza moa dia mpanao fahagagana nanana ny lazany, afaka miresaka mivantana amin'i Zanahary. Mba hahatongavana any, dia nandeha tongotra andro maromaro izy mivady, namakivaky saha mandrevo fotaka, nandalo rano lalina, niaritra tafio-drivotra sy oram-baratra...
Efa alim-be sy tao anaty orana izy mivady no tonga nandondona, ny varavaran'ilay mpanao fahagagana :
- Tôk ! Tôk ! Tôk ! Misy olona ve ô ?
- Ramalaza tsy manokatra ny varavarany ho an'ny vahiny amin'izao ora izao ! hoy ny feo nangovingovitra, tahaka ny feona lahiantitra.

Jadis, vivaient des époux qui ne pouvaient pas avoir d'enfant. Le couple décida un jour de consulter Ramalaza, le faiseur de miracles qui avait la réputation de pouvoir communiquer avec le Dieu Zanahary. Pour s'y rendre, les époux marchèrent plusieurs jours, ils traversèrent des champs boueux, ils franchirent des cours d'eau dangereux et bravèrent des tempêtes et des orages…
Enfin, à la nuit tombante et sous la pluie, les époux frappèrent à la porte du faiseur de miracles :
- Toc ! Toc ! Toc ! il y a quelqu'un ?
- Ramalaza n'ouvre pas la porte aux étrangers à cette heure ! dit une voix de vieillard.

- Miangavy re izahay ry Ingahy Ramalaza mpanao fahagagana, mba vohay varavarana re izahay. Efa nandeha andro aman'alina re izahay vao tonga aty aminao.

Nisy Fahanginana. Izy mivady amin'io toa tsy nandre intsony an-dRamalaza. Kivy izy ireo, rehefa nikasa ny handeha iny indrindra ry zareo, no indro nisokatra ny varavarana :

- Mandrosoa àry, tsy hahita toerana hisitrihana amin'izao ora izao intsony ianareo, hoy Ramalaza.

Ary dia nandroso tao amin'ilay trano kely izy mivady.

- inona no azoko atao anareo ? hoy i Ramalaza mpanao fahagagana

- Mba vonjeo re e ! Mba mila ilay taranaka mba handimby anay izahay tompoko !

- Tena tsara izany, saingy tsy mahatapaka ny amin'izany aho raha tsy miresaka amin'i Zanahary aloha.

Nanomboka nanatanteraka ny fomba famohazana ny Zanahary Ramalaza :

«Poa ! Poa ! Poa, Ry Andriamanitra Zanahary ! Poa ! Poa ! Mitady zanaka hono ireto mpivady ireto, sitrakao ve ny hananany izay ?»

- S'il vous plaît, Ramalaza, le faiseur de miracles, ouvrez-nous. Nous avons marché jour et nuit jusqu'à vous.

Il y eut un silence. Le couple n'entendait plus Ramalaza. Désespérés, l'homme et la femme allaient partir lorsque la porte s'ouvrit :

- Entrez, vous ne trouverez aucun refuge à cette heure, leur dit Ramalaza.

Et le couple entra dans la petite maison.

- Que puis-je faire pour vous ? leur demanda Ramalaza le faiseur de miracle

- Aidez-nous ! Aidez-nous s'il vous plaît, nous voulons une descendance.

- Très bien, mais je ne peux décider qu'après avoir parlé à Zanahary.

Ramalaza commença ses rituels d'incantations pour appeler Zanahary :

«Poa ! Poa ! Poa, Dieu Zanahary ! Poa ! Poa ! Ce couple veut un enfant, est-ce que vous le lui permettez ?»

Rehefa vita ny fomba fiantsoana ny Zanahary, dia nitodika tamin'izy mivady Ramalaza nanao hoe :

- Neken'i Zanahary ny fanirianareo, hanome zanaka anareo Izy ! Fa misy fepetra anankiroa.
- Inona avy tompoko izany fepetra izany ? hoy izy mivady, faly dia faly nefa raiki-tahotra amin'izay ho tohiny.
- Tsy azonareo ampahafantarina na amin'iza na amin'iza mihitsy hoe tolotra avy amin'i Zanahary ny zaza. Tsy hitovy amin'ny zaza hafa rehetra io zaza io. Ho zaza faran'izay tsara fanahy izy sady faran'izay matanjaka ihany koa.
- Oh, izany no mba irinay, misaotra tompoko.
- Hanana fomba fihevitra hafa dia hafa ihany koa izy. Koa raha ho zazavavy io na ho zazalahy dia aoka ho mpitondra fandriam-pahalemana. Raha zazavavy, tezao ho zazavavy mahery. Raha zazalahy kosa, koloy ho zaza feno fanajana. Tezao hatrany ho amin'ny tontolo tsy misy herisetra izy. Raha sanatria maninjitra ny tananareo amin'io zaza io ianareo indray andro any dia halàna aminareo izy !
- Isaorana ianao, Ramalaza lehibe ! Azonay tsara izany. Tsy hilaza mihitsy izahay fa zanaky ny Zanahary izy sady tsy mba hanao herisetra aminy ihany koa izahay.

Une fois les incantations terminées, Ramalaza se tourna vers le couple et leur annonça :

- Zanahary a accepté votre souhait, il vous enverra un enfant ! Mais à deux conditions, poursuivit-il.
- Quelles sont ces conditions ? demanda le couple qui se réjouissait mais craignait la suite.
- Personne ne doit jamais apprendre que l'enfant vient de Zanahary. Il sera différent des autres et sera très doux et très fort à la fois.
- Oh, c'est ce que nous souhaitons. Merci.
- Il sera même différent dans sa manière de penser. Que ce soit une fille ou un garçon faites-en un messager de paix. Si c'est une fille, faites-en une fille vigoureuse, si c'est un garçon faites-en un garçon respectueux. Élevez-le toujours dans la non-violence. Si un jour vous leviez la main sur cet enfant, il vous sera repris !
- Merci, ô grand Ramalaza ! Nous avons compris. Jamais nous ne dirons que c'est le fils de Zanahary et jamais nous ne serons violents envers lui.

Sivy volana taty aoriana, teraka zazalahy soa aman-tsara ilay ramatoa, nataon'izy mivady hoe Imady no anarany. Notezain'ny ray aman-dreniny tamin'ny tambitamby sy fitiavana izy. Tsy mba nokapohina na notreromina izany mihitsy ilay zaza. Nanjary zaza mahafatifaty sy bonaika izy. Rehefa nitombo izy dia tonga ankizy maha te ho tia sy tony.

Tao an-tanàna, tian'ny ankizy rehetra Imady. Ary tena tiany koa izy ireo. Ninamana tamin'ny rehetra izy. Rehefa nisy ady teo amin'ireo ankizy dia hoy izy :

- Ry namako, aza miady moa, azafady e !
- Tsilefy tsy mety hampindrana kilalao anay, hoy Ikala Soafia.
- Fa ahoana leitsy ialahy no manao an'izany ry Tsilefy a ?
- Ka izahay tsy tia milalao miaraka amina ankizivavy, hoy izy.
- Ary raha milalao kiafinafina isika ? hoy Imady.
- Oeeh !!! Ndao ary hanao kiafinafina tokoa e ! hoy ny ankizy rehetra, falifaly.

Neuf mois plus tard, la femme mit au monde un garçon. Le couple le nomma Imady. Il l'éleva dans la tendresse et l'amour, sans jamais le battre ni hausser le ton sur lui. Il fut un bébé adorable et paisible. En grandissant, il devint doux et serein.

Au village, tous les autres enfants l'adoraient. Et il les adorait aussi. Il était l'ami de tous. Quand il y avait des disputes entre les enfants, il disait :

- Les amis, ne vous battez pas, s'il vous plaît !
- Tsilefy ne veut pas nous prêter ses jouets, répondait souvent Ikala Soafia.
- Mais, pourquoi donc agis-tu ainsi, Tsilefy ?
- Nous ne voulons pas jouer avec les filles, répondait celui-ci.
- Et si nous jouions tous ensemble à cache-cache ? proposait Imady.
- Youpiii !!! Allons jouer à cache-cache ! répondaient les enfants tous contents.

Rava hatreo ny adiady madinika sy ny hatezerana ka milalao miaraka ireo ankizilahy sy ankizivavy ao an-tanàna mandra-piantson'ny ray aman-dreniny azy ireo :

- Ikala Soafia ! Avia manampy ahy mampiditra akoho ! hoy ny reninin'i Soafia, niantso azy.
- Tsilefy ! tokony mody amin'izay ianao ? Areheto ny afo, hoy ny rain'i Tsilefy, nitrerona.
- Lebema !
- Ikoto !
- Raivo !

Mandritra ny tontolo andro sasantsasany, zara raha milalao ny ankizy fa raikitra amin'ny raharaha ao an-trano na manampy ny ray aman-dreny any an-tsaha. Mandritra ny asa lehibe izay fanao eny an-tanimbary (fanetsana, fijinjana), ny ankizilahy sy ny ankizivavy dia manatitra ny sakafon'ny lehibe mpanao raharaha. Matetika dia miresadresaka izy ireo eny an-dalana :

- I Neninay dia milaza fa miasa mafy hono izy, hoy ny ankizivavy iray.
- I Neninay koa nilaza an'izany, hoy ihany koa ny ankizy iray.
- Fa nahoana ianareo no miteny an'izany ? hoy Imady, nanontany.

Les petites disputes et les colères se dissipaient et les enfants du village, garçons et filles, pouvaient jouer tous ensemble jusqu'à ce que leurs parents les appellent :

- Ikala Soafia ! Viens m'aider à rentrer les poules ! appelait sa mère.
- Tsilefy ! Veux-tu rentrer maintenant ? Il faut allumer le feu, grondait son père.
- Lebema !
- Ikoto !
- Raivo !

Durant certaines journées, les enfants jouaient peu, occupés aux travaux ménagers ou aidant les parents dans les champs. Durant les grands travaux dans les rizières (repiquage ou récolte), les enfants, garçons et filles apportaient le déjeuner aux adultes. Souvent, Ils discutaient en route :

- Ma mère dit qu'elle travaille trop, dit une fille.
- La mienne aussi, renchérit une autre.
- Pourquoi dites-vous cela ? demanda Imady.

- Izaho mahatsapa fa marina tokoa izany, hoy ny ankizivavy iray voalohany. I Neninay no mifoha voalohany ao an-trano, mandrehitra afo izy ary manokona ny hanina. Miasa any an-tsaha kokoa noho ny dadanay izy, nefa ny dadanay matory ela be ka tsy miarina eo am-pandriana raha tsy hita fa efa vonona ny sakafo.

- Mitovy amin'izany ihany koa ny anay ! Hoy ilay ankizy faharoa.

Hoy kosa ity ankizilahy iray :

- Ny lehilahy kosa ange manatanteraka asa fiambenana amin'ny alina e, araka ny baikon'ny mpanjaka ! Tsy maintsy arovana amin'ny mety ho fanafihan'ny fanjakana manodidina ny fanjakantsika.

- Fa anaty ady angaha isika izao ? hoy Imady.

- Tsia ! Ka izay indrindra, raha mahita ireo lehilahy eto amintsika, izany hoe ny raintsika vonona ny hiady ireo fanjakana manodidina antsika dia mamitsaka izy ireo. Fetsy ny mpanjakantsika a ! Ha ! Ha ! Ha !

Nihomehy avokoa ireo ankizilahy rehetra. Fa hoy ny ankizilahy iray, nanampy :

- Efa misy sekoly ho an'ny zazalahy ange izao e ! Tian'ny mpanjaka hianatra haiady isika !

- Je trouve que c'est vrai, dit la première fille. Ma mère se lève en premier le matin, elle allume le feu et cuit le repas. Elle travaille aux champs autant que mon père, alors que lui, il dort plus longtemps et ne se lève que lorsque le repas est prêt.

- Chez nous c'est pareil, ajouta la deuxième.

Un garçon intervint :

- Tout de même, les hommes montent la garde la nuit, sur ordre du roi ! Il faut protéger notre royaume de toute tentative d'attaque par les royaumes voisins.

- Mais, sommes-nous en guerre ? questionna Imady.

- Non ! Justement, en voyant nos hommes, c'est-à-dire nos pères, prêts à combattre, les rois aux alentours se tiennent tranquilles. Notre roi est malin ! Ha ! Ha ! Ha !

Tous les autres garçons éclatèrent de rire.

Un autre ajouta :

- Il y a maintenant une école pour les garçons, le roi veut que nous apprenions les arts du combat !

Fa hoy ity zazavavy iray, nitabataba :
- I Dadanay anefa nilaza fa fianarana vakiteny sy soratra no atao any an-tsekoly ! Marina ve izany ?
- Eny, marina tokoa izany ! Hoy Imady.
Nihoraka àry ireo ankizivavy :
- Izahay ihany koa mba hianatra vakiteny sy soratra !
Nisy ankizilahy, nahatsiaro ho voahelingelina namaly hoe :
- Ha ! Tsia kosa e ! Ny mpanjaka mihitsy no nilaza fa sekoly natokana ho an'ny zazalahy io !
- Ooooh !!! Inona izany no mba hiafaranay ? Hoy ireo ankizivavy, nitaraina.
Nony tonga teny an-tsaha dia notapahin'ny olon-dehibe ny resadresaka nifanaovan'izy ireo :
- Nahoana ianareo no ela be ? Faingàna, avoahy ny sakafo fa mbola be anie ny raharahanay e ! Hoy ireo olon-dehibe.
Natao hiarovana ny tanàna ny didin'ny Mpanjaka, nefa nanavaka foana ireo vehivavy, tovovavy, ary ankizivavy. Na izany aza anefa dia naha be raharaha ny vehivavy sy ny ankizivavy ary ny ankizilahy izany. Miresaka ny momba izany matetika ireo vehivavy. Ary Imady, izay akaiky an-dreniny tokoa, dia naheno azy niresadresaka izany ihany koa tamin'ny vehivavy teo an-tanàna.

Une fille cria :
- Mon père dit qu'à l'école on apprend aussi à lire et à écrire ! C'est vrai ?
- Oui, oui, c'est vrai ! dit Imady.
Les fillettes s'exclamèrent alors :
- Nous aussi nous allons apprendre à lire et à écrire !
Un des garçons, gêné, répondit :
- Ha ! Mais noooon ! Le roi a dit que c'est une école pour les garçons !
- Oooohh !!! Mais que nous reste-t-il alors ?
Se lamentèrent les filles.
Ils arrivèrent aux champs. Les hommes et les femmes interrompirent la discussion :
- Pourquoi avez-vous été si longs ? Dépêchez-vous de sortir le repas, nous avons encore beaucoup de travail !
Les décisions du roi servaient à protéger le pays mais elles excluaient toujours les femmes, les jeunes fille et les fillettes. Mais finalement, cela donnait beaucoup de travail aux femmes, aux jeunes filles et même aux jeunes garçons. Celles-ci en parlaient souvent et Imady qui était très proche de sa mère, l'entendait discuter avec d'autres femmes du village.

Ny ankamaroan'ireo vehivavy dia naniry ny hanana fotoana kely mba hitsaharana amin'ny asa aman-draharaha, na fotoana hianarana zava-baovao mahasoa sy mahafinaritra. Tsapan'Imady ho mihakamo ny lehilahy sasany sady masiaka, manilika amin'ny vady aman-janany ny anjara asany andavan'andro. Fihetsika mitory fialàna andraikitra izany !

Indraindray ny ankizivavy manonofy eo am-pilalaovana ka manao hoe :

- Rehefa lehibe aho dia hanao mpampianatra any an-tsekoly !
- Izaho, ho vadin'ny Mpanjaka ! hoy ilay iray hafa.

Dia niaraka nihomehy izy ireo.

Namoaka didy àry ilay « vadin'ny Mpanjaka » :

- Manomboka izao, mandeha any an-tsekoly ny ankizivavy ary ny ankizilahy kosa mankany an-tsaha, fa tsy misy intsony ny ady !

Fa nitrerona ilay anadahiny teo akaikiny teo :

- Mangina ! Miteniteny foana ianao ! izahay lehilahy dia nateraka hiady !

Nanabontsina ny tratrany sy ny sandriny izy mba hoentiny manohana ny heviny. Ary nanampy hoe :

- Ianareo ankizivavy, ny mikarakara anay no asanareo, mba hahatonga anay ho salama tsara foana !

Certaines souhaitaient un peu de temps libre pour se reposer, ou pour apprendre quelque chose de nouveau, de beau et de joyeux. Imady comprit que certains hommes devenaient paresseux et méchants, imposant à leur épouse et à leurs enfants, leur propre part de travail quotidien. Un comportement tout à fait irresponsable !

D'autres fois, les fillettes rêvaient en jouant, elles disaient :

- Moi quand je serai grande je serai une maîtresse d'école !
- Et moi je serai la femme du roi ! dit une autre.

Et d'éclater de rire.

La «femme du roi» décréta alors :

- À partir d'aujourd'hui, les filles vont à l'école et les garçons vont dans les champs, il n'y a plus de guerre !

Son frère, qui était juste à côté, gronda :

- Veux-tu te taire ! Tu dis n'importe quoi ! Nous les hommes nous sommes faits pour devenir guerriers !

Il gonfla sa poitrine et ses biceps pour appuyer ses propos. Et ajouta :

- Vous les filles, votre travail est de vous occuper de nous, pour que nous soyons toujours en bonne santé !



- Dia iza izany no mba hikarakara anay ? Hoy ny sasany tamin'ireto anabaviny, nanontany tamin-tahotra.
- Asa ! Tsy fantatro, hoy ilay ankizilahy niankanankana. Sa ahoana hoy ialahy ry Imady ?
- Raha ny hevitro dia tokony hifampitsimbina isika. Raha tsy teo ny renintsika, tsy nisy ny zanaka, tsy nisy ny fianakaviana. Tokony hanampy azy ireo isika, tokony hanampy azy ireo ihany koa ny raintsika.
- Hitanao izany ! sady nibitaka ilay zandriny vavy.
- Ka inona izany no tokony hatao ? hoy ilay zazalahy.
- Tsy haiko hoe inona no tokony hataonareo, fa ataovy amin-katsaram-panahy izany. Ho hitanareo fa ho faly ny reninareo, izany no ho fankasitrahana ho azonareo.

Misy resadresaka tahaka izany hatrany mandritra ny lalaon'ny ankizy. Voarain'Imady avokoa ireny, ary tsapany fa mila manao zavatra izy. Raha tsy misy ny ady, dia tena ho faly marina tokoa ny olon-drehetra, na ankizilahy na ankizivavy, dia ho afaka mianatra. Nefa na misy aza moa ny ady, nahoana moa ny ankizivavy no tsy alefa any an-tsekoly ?

- Mais qui s'occupe de nous, alors ? demanda craintivement la petite sœur.
- Est-ce que je sais ? balbutia le garçon, confondu. Qu'en penses-tu Imady ?
- Je pense que nous devons veiller les uns sur les autres. Sans nos mères, pas d'enfant, pas de famille. Nous devons les aider, et nos pères aussi doivent les aider.
- Ha ! Tu vois ! jubila la petite sœur.
- Mais que faut-il faire ? demanda le garçon.
- Je ne sais pas ce que vous pouvez faire, mais faites-le gentiment. Vous verrez la joie de votre mère, ce sera votre récompense.

De semblables discussions se produisaient souvent, durant les jeux des enfants. Imady notait tout cela, et sentait qu'il fallait faire quelque chose. Sans la guerre, il est vrai que les gens seraient plus heureux ; tout le monde, filles ou garçons, pourrait étudier. Et même, s'il y avait la guerre, pourquoi les filles n'iraient-elles pas à l'école ?

Nandeha teny ny fotoana, nanjary tovolahy matanjaka sy tia manampy ny hafa Imady. Malemy fanahy, araka ny toetra nahariana azy, nanahy ny amin'ny reniny izy. Nampalahelo azy loatra ny fiatrehan'ny renininy an'ireo asa mafy ireo mandritra ny tontolo androny :
Te hanampy an-dreniny izy, mba hanamaivana azy amin'ny raharahany...
Hoy ary izy :
- Hataoko inona tokoa moa ny tanjaka ananako raha tsy hoentiko manampy an-dreniko ? Tapa-kevitra aho ! Hanamora kokoa ny asany aho...
Nandritra ny fahazazany, henon'Imady matetika ny tarainan'ireo vehivavy ao amin'ny tanàna fa ratsy ny fitondrana azy ireo, miasa mafy loatra izy ireo. Raha hanampy an-dreniny izy, azony atao ihany koa ny manampy ireo vehivavy hafa, ilain'ny olon-drehetra ny tetik'asany.

Tamin'izany fotoana izany, maina ny saha fa tsy misy orana. Tsy maintsy any an-drenirano no mandeha maka rano, lavitra be anefa vao misy ny renirano. Nieritreritra vahaolana Imady ka ny alin'iny, raha tokony hatory aloha, dia nijanona teo amorom-patana tao an-dakozia izy.

Le temps passa et Imady devint un jeune homme fort et serviable. Doux de son tempérament naturel, il se faisait du souci pour sa mère. Le dur labeur auquel elle passait ses journées l'affectait :
il voulait l'aider, la soulager dans ses tâches…
Il se dit alors :
- Mais que ferais-je de toute cette force que je possède si ce n'est d'aider ma mère ? C'est décidé ! Je vais rendre son travail plus facile…
Durant son enfance, Imady avait souvent entendu les villageoises se plaindre d'être mal traitées, de travailler durement. Si en soutenant sa mère il pouvait également aider les autres femmes, son projet serait utile à beaucoup de personnes.

À l'époque, les champs étaient asséchés, faute de pluie. Il fallait chercher de l'eau à la rivière, située à une grande distance. Imady songeait à une solution et ce soir-là, il resta à côté du feu de la cuisine.

- Fa nahoana ianao, anaka, no tsy matory ?
- Neny a, misy adidy tsy maintsy ataoko izao alina izao. Ka izay no tsy hatoriako.
- Tsara izany anaka. Mandehana ary vitao ny adidinao, mitandrema hatrany anefa. Mitso-drano anao aho amin'izay ataonao. Fantatrao tsara, aoka tsy hisy mihitsy ny herisetra !

Ity reniny ity dia natoky an' Imady hatrany.
Ary fantany fa tsy maintsy zavatra hahasoa ny be sy ny maro no hataon-janany. Tsaroany tsara fa nolazain-dRamalaza fa mpitondra fihavanana io zanany io.

Iny alina iny, nampiasain'Imady ilay hery mahagaga ananany mba hanaovana ilay tatatra, hitarihana rano avy eny an-drenirano mankeny akaikin'ny saha sy ny tanimbary. Nanamora ny fahazoan'ny tanàna iray manontolo rano izany asa izany.
Noho ny tonga ny maraina, gaga avokoa ny mpiray tanàna nahita tatadrano lavabe tonga teny akaikin'ny tanimboly.
- Tena fahagagana tsy misy ohatra an'ity !
- Tatadrano !
- Rano nentin-tanana ?!
- Na ny tanimboly lavitra indrindra aza dia ho voatondraka avokoa !
- Avy aiza loatra izao zava-mahagaga izao ?

- Pourquoi ne dors-tu pas encore mon fils ?
- Mère, j'ai une mission à accomplir que je dois commencer dès ce soir. C'est pour cela que je ne dors pas encore.
- Très bien mon enfant. Va et fais ton devoir, mais sois vigilant. Je te bénis dans ce que tu accompliras. Et comme tu le sais, jamais de violence !

Elle avait toujours eu confiance en Imady.
Et elle comprit que ce qu'il allait faire serait bénéfique pour tous. Elle se rappelait constamment que Ramalaza l'avait désigné comme un messager de paix.

Cette nuit-là, Imady utilisa sa force prodigieuse pour creuser un long canal, de manière à mener l'eau de la rivière tout près des champs et des rizières.
Cet ouvrage facilitait l'accès à l'eau pour tout le village.
Quand vint le matin, les villageois furent tous surpris de voir le long canal à proximité des champs.
- Mais quel miracle !
- Une canalisation !
- De l'eau à portée de main ?!
- Enfin ! Même les champs les plus éloignés pourront être arrosés !
- D'où vient ce prodige ?

Ny andro manaraka an' iny Imady, dia nieritreritra an' izay hataony indray. Mbola nandidy ihany ny lehilahy fa asam-behivavy ny sasa lamba. Imady anefa nahita fa reraky ny asa ny reniny mandeha eny amin'ny fanasan-damba isan'andro. Izy mihitsy noho izany no nanamboatra toerana fanasan-damba natokana ho an'ny lehilahy.

Nampahafantariny an'ireo sakaizany fahazaza fa io fanasana lamba io dia natokana ho an'ny lehilahy, mba hanasany ny fitafiany mbamin'ny lamba ao an-trano, indrindra ny lamba matevina sy mavesatra !
Tsy tokony hataon'ny reniny sy ny anabaviny intsony mantsy izany raharaha mafy izany.
Ny vehivavy manasa ny lambany sy ny an'ny ankizy eny amin'ny fanasan-damba natokana ho azy ireo.
Nihena ho antsasany ny asan'ny vehivavy.
Ny tatadrano dia natao hamatsiana ny fanasan-damba rehetra ihany koa, ka mba hanana andro natao hanasana lamba tahaka ny rehetra ny lehilahy.

Le jour suivant, Imady réfléchit à ce qu'il pourrait réaliser. Les hommes avaient toujours décrété que la lessive était l'affaire des femmes. Mais Imady voyait que sa mère s'épuisait à cette tâche en se rendant au lavoir tous les jours. Alors il construisit un lavoir réservé aux hommes.

Il informa ses amis d'enfance, que ce lavoir leur servirait à laver leurs propres habits et le linge de maison, surtout les étoffes lourdes et épaisses !
Ces tâches difficiles ne devraient plus revenir à leur mère ni à leur sœur.
Les femmes se chargeraient de leur seul linge et de celui des jeunes enfants. Leur travail était réduit de moitié. Le canal permettait d'approvisionner en eau tous les lavoirs et les hommes auraient leur jour de lessive comme tout le monde.

Avy eo indray, nahita sekoly natokana ho azy ireo ny vehivavy teo an-tanàna, nisy ihany koa ny toeram-pitsaboana ho an'ny vehivavy, ary ny ankanin-jaza ho an'ny zanak'izy ireo.
Maivamaivana ireo tanora fa nihena ny raharahan'ny renin'izy ireo avy, nanana fotoana malalaka hianarana ireo vehivavy.
Fotoana fohy taorian'ny nahavitan'ireo asa lehibe rehetra ireo, nisy iraka nankany amin'ny mpanjaka :
- Ry mpanjaka lehibe, misy zava-mitranga eto amin'ny fanjakanao !
- Lazao fa mihaino aho !
- Ery atsinanan'ny lapa ery, ao amin'ny tanàna iray, misy tatadrano lehibe manondraka ny tanimboly, misy ihany koa trano naorina tsy ampy herinandro akory izay !
Dia misy sekoly ho an'ny vehivavy, misy trano fiterahana ary ihany koa akanin-jaza ho an'ny zanak'izy ireo !
Tezitra mafy ny mpanjaka !

Les jours suivants, les femmes du village découvrirent une école pour elles, puis un hôpital pour les soins de santé des femmes puis une crèche pour leurs enfants.
Les jeunes gens se dévouaient pour alléger les tâches de leur mère respective, et les femmes pouvaient avoir du temps libre pour étudier.
Peu de temps après ces exploits, des messagers arrivèrent au palais royal :
- Grand Roi, il se passe des choses dans ton royaume !
- J'écoute, parle !
- Dans un village à l'est du pays, un canal immense irrigue les champs, et des maisons pour les femmes ont été construites en moins d'une semaine !
Elles ont une école ! Une maternité ! Une crèche pour leurs enfants !
Le roi se mit en colère !



- Ahoana tsara ah ?! Moa va tsy namoaka didy teto amin'ny fanjakako aho ? Ho an'ny ankizilahy sy ny lehilahy ny sekoly ! Raha nahavita nanorina trano hanaovana sekoly ho azy ny vehivavy nefa tsy nahazo fankatoavana avy aty amiko izany, inona koa no mbola hataon'izy ireo ? Fanoherana ahy izany ?! An ? Velom-pialonana sady mailo ny Mpanjaka satria noheveriny fa misy olona mitady haka ny fanjakany. Tsy azony mihitsy hoe hery mahagaga toa inona no afaka hanao izany.

- Iza anefa no nanao izany asa goavana izany ? Hoy izy, tezitra mafy.

Nitoreo ilay iraka :

- Tsy fantatray ry Mpanjaka lehibe ô ! Omaly izao, mbola maina avokoa ny tanimbary eny amin'iny ilany atsinanana iny, amin'izao fisokafan'io tatadrano io izao anefa, feno rano avokoa ireo tanimbary ireo.
Omaly, Ireo vehivavy tsy mbola nihevitra izany hoe hianatra izany, izao anefa, mihazakazaka hamonjy sekoly avokoa izy ireo hianatra soratra sy vakiteny.
Omaly, ny vehivavy ihany no misahana ny sasa lamba, amin'izao fotoana izao, nanjary manome lamba hosasan'ny lehilahy izy ireo…Ary ireo ankizilahy sy ny ankizivavy dia tsapa fa mankasitraka izany !

- Quoi ?! N'ai-je point établi des règles dans mon royaume ? L'école est pour les garçons et les hommes ! Si les femmes commencent à construire leur école sans mon autorisation, que vont-elles faire encore ? C'est une conspiration ?! Hein ?
Il était également jaloux et méfiant car il pensait que quelqu'un intentait à son trône. Il ne comprenait pas quelle force étrange avait pu accomplir cela.

- Mais qui donc a fait ces travaux ? dit-il furieux.

Le messager gémit :

- Nous l'ignorons, Grand Roi. Hier, les rizières de la partie est étaient encore sèches, mais aujourd'hui, la canalisation s'est ouverte et toutes les rizières sont remplies d'eau.
Hier, les femmes ne pensaient pas à étudier, mais aujourd'hui elles se précipitent à l'école pour apprendre à lire et à écrire. Hier, seules les femmes étaient responsables de la lessive, maintenant, elles donnent du linge à laver aux hommes…
Et les jeunes gens, filles et garçons, ont l'air d'apprécier !



- Grrrr !!! Ry miaramila ! Andeha zahao izay olona nanao izany zavatra rehetra izany, ka ento aty amiko ! Misy mihevitra ny tenany ho mahery noho ny mpanjaka manko eto an !

Nosamborin'ireo miaramila Imady ary nentina teo amin'ny mpanjaka. Nandinika an'Imady avy eny ambonin'ny seza fiandrianany ny mpanjaka :

- Ianao ve no nihady ny taniko, nanangana ireo rindrina sy nanampy ireo vehivavy, nefa tsy nahazo alàlana avy amiko akory ?

- Eny, izaho tokoa, ry Mpanjaka lehibe !

- Nampian'ireo fahavaloko ve ianao ?

- Tsia ry Mpanjaka lehibe ! Izaho irery no nanao an'ireo !

Ireo vahoaka nihoraka nanao hoe : «Oooh ! » feno fankasitrahana...

- Ianao irery ? Nefa dia asana roanjato lahy be izao ! ianao izany mpilalao ody tahaka an-dRamalaza ? Hoy ny mpanjaka, naneso azy.

- Grrrr !!! Gardes ! Trouvez-moi celui qui a fait cela et amenez-le-moi ! Quelqu'un ici se croit plus fort que le roi !

Les gardes attrapèrent Imady, l'attachèrent et le conduisirent devant le roi. Celui-ci toisa Imady du haut de son trône :

- Est-ce bien toi qui as creusé ma terre, monté des murs et aidé les femmes sans ma permission ?

- Oui, c'est moi, Grand Roi !

- As-tu été aidé par mes ennemis ?

- Non, Grand Roi, je l'ai fait tout seul !

L'assistance poussa des «Oooh !» d'admiration…

- Tout seul ? Mais, c'est le travail de deux cents hommes ! Es-tu un sorcier comme le célèbre Ramalaza ? se moqua le roi.

- Tsia ry Mpanjaka ! Tsy mpilalao ody aho ary tsy ho toa an-dRamalaza.
- Tena tsara, 'ndeha àry atao hoe marina ny voalazanao. Amin'ny maha mpanjaka masimandidy ahy eto amin'ny tany sy ny fanjakana, mandidy anao aho hamboraka amiko ny tsiambaratelonao ! Moa misotro tambavy mampatanjaka va ianao, fa mba hisotroako ihany koa ?
- Tsia ry mpanjaka, tsy manao izany aho !

Nisafoaky ny hatezerana ny mpanjaka. Fa rehefa tony avy eo izy dia nanambara hoe :
- Tsara izany ! Tsy handany fotoana amin'izay tantsaha kely toa anao aho. Ry miaramila, omeo azy ny sazy famaizana tandrify azy. Ataovy amin'ny fanaovana azy izy. Tsy tiako ho hita io satria tsy milaza amiko ny tsiambaratelony. Ravao avokoa izay rehetra naoriny. Tiako ny vehivavy hanaiky hatrany. Nizarazara ireo mpanatrika teo. Ny sasany nitomany vokatry ny fanapahan-kevitra noraisin'ny mpanjaka, indrindra fa ireo vehivavy, ny sasany nangataka fifonana.

- Non, Grand Roi, je ne suis pas un sorcier et loin d'être Ramalaza.
- Très bien, admettons que tu dises vrai. En tant que grand souverain de ce royaume, je t'ordonne de me révéler ton secret ! Bois-tu une sorte de potion magique afin que je puisse en boire également ?
- Non, Grand Roi, je ne fais rien de tel !

Le roi bouillonnait de colère. Quand il eut repris son calme, il déclara :
- Très bien ! Je ne veux pas perdre mon temps avec un simple paysan comme toi. Gardes, donnez-lui la sentence qu'il mérite. Je veux le voir disparaître puisqu'il ne veut pas avouer son secret. Détruisez tout ce qu'il a construit. Je veux que les femmes restent soumises !
L'assistance était divisée. Certains pleuraient la décision du roi, surtout les femmes, d'autres demandèrent compassion.

Nobedain'ireo miaramila Imady ka nentiny teny amin'ny tendrombohitra mideza. Ny mpanjaka nanome baiko mba hanipazana an'Imady. Natosik'ireo miaramila tany anaty tevana izy fa tsy maty !
Intelo natsipy Imady, intelo tafaverina teny an-tampon'ny tendrombohitra ihany koa izy.
Haingana dia haingana ny fitrangan'izany rehetra izany, kanefa Imady dia avotan'ilay vorona goavam-be. Ivorombe io, ilay renin'Imaintsoanala.
Hoy indrindra izy tamin'Imady : « Anaka, olona tsara fanahy ianao, ka raha misy olana dia antsoy aho amin'ny teny mahagaga manao hoe : «Taratatia ! Taratata ! Ivorombe mahagaga, avia ampio aho !». Ary lasa nanidina ilay vorona.

- Rehefa tsy hahafaty azy ny tany, avarino any anaty farihy lalina any izy, hoy ny mpanjaka nitrerona.
Teo no ho eo ihany, nentina tamin-kerisetra ho any amorom-parihy ary narahin'ireo vahoaka izy. Nony tonga teo amorom-parihy, nanandrana nibata vato lehibe iray ny miaramila nefa tsy nahabata.

Les gardes du roi prirent Imady et le menèrent au sommet d'une immense montagne. Le roi ordonna de jeter Imady. Les gardes le poussèrent alors dans le vide. Mais, il ne mourut pas !
Trois fois il fut jeté, trois fois il revint au sommet.
Les faits se passaient tellement vite, mais Imady, à chaque fois, fut récupéré par un oiseau géant, Ivorombe, connu pour être la mère d'Imaitsoanala.
Voilà ce qu'elle murmura à Imady :
''Mon fils, tu es quelqu'un de bien, alors, dès que tu auras un problème, appelle moi avec cette formule magique : Taratatia ! Taratata ! Ivorombe aide moi !".
Et l'oiseau s'envola.

- Puisque la terre ne veut pas de lui, jetez-le dans le lac profond, tonna le roi.
Sitôt dit, sitôt fait. Imady fut emmené de force au lac, suivi par la foule. Arrivés au bord du lac, les gardes tentèrent d'arracher un gros rocher, mais en vain.

Namerina intelo, inefatra, impolo mihitsy aza fa tsy nihontsona akory ilay vatobe. Notapahin'Imady ny tady namatorana azy. Nihemotra ireo miaramila, raiki-tahotra. Fa nanatona, hanampy azy ireo Imady nobatain'Imady, tahaka ireny mandray vatokely ireny ilay vatobe ary nakariny tao an-damosiny.
Naverin'ireo miaramila nofatorana tongotra aman-tanana indray Imady. Ny vahoaka kosa nitalaho ny famindrampon'ny mpanjaka, izay nanontany an'Imady hoe :
- Tsy mbola hiteny ianao ?
- Ry Mpanjaka lehibe ô ! Hoy Imady, niteny malefaka. Ny reninao, ny anabavinao, ny vadinao dia vehivavy mendrika ny hohajaina sy homem-boninahitra. Heveriko fa ny zanaka lahy, ny anadahy, ny lehilahy, ny vady dia tokony hanaja sy hanome voninahitra ny vehivavy. Ka izany no nanaovako ny sekoly ho azy ireo fa mendrika ny hanana fianarana tsara ihany koa izy ireo.
Ny mpanjaka tsy nahita havaly. Kivy tamin'ny tsy fahazoana ny tsiambaratelon'Imady izy ka nitrerona nanao hoe :
- Avarino any anaty farihy any io !

À trois, à quatre et même à dix, le rocher ne bougeait pas. Imady brisa les cordes qui l'attachaient. Les gardes reculèrent, effrayés. Mais le jeune homme venait les aider, il prit le rocher comme on ramasse un petit caillou et le plaça dans son dos.
Les gardes lui attachèrent à nouveau les bras et les jambes. Alors que la foule implorait des yeux sa clémence, le roi questionna Imady :
- N'as-tu toujours rien à me dire ?
- Grand Roi ! Dit doucement Imady. Votre mère, votre sœur et votre épouse sont des femmes qui méritent respect et honneur. Je pense que chaque fils, chaque frère, et chaque époux doit respecter et rendre hommage aux femmes. Et c'est pour cela que j'ai construit une école pour les femmes, elles méritent d'avoir aussi une bonne éducation.
Le roi n'en pouvait plus. Dépité de ne pas obtenir le secret d'Imady, il hurla :
- Jetez-le dans le lac !

Natosik'ireo miaramila tao amin'ilay farihy lalimbe Imady. Difotra niaraka tamin'izay izy. Niaiky ny vahoaka fa tsy misy hevitra intsony, izay no vita ny aminy. Rehefa hody iny, tampoka teo, nitolagaga ny rehetra, indro Imady nipoitra avy any anaty rano. Nanome baiko fanindroany, fanintelony ny hamarinana azy indray ny mpanjaka, tafaverina hatrany anefa Imady, tamin'ilay fomba mahavariana hatrany no nipoirany avy any anaty rano. Raha ny marina, tao ambany farihy lalina tao dia nisy zazavavindrano.
Ka ireo hatrany no namoaka an'Imady avy any anaty rano.

Vizana tamin'ny tsy nahafatesan'ity tovolahy ity na tamin'ny fanipazana azy teny amin'ny rivotra na teny amin'ny rano, ireo miaramila ka niala maina. Talanjona ny vahoaka, sady faly tao am-pony raha nahita fa tsy nisy na inona na inona nahazo an'Imady.

Les gardes poussèrent le jeune homme dans les eaux sombres du lac. Il disparut aussitôt. L'assistance résignée, se dit que cette fois-ci, c'était bien fini. Les gens se tournaient vers le chemin du village quand soudain, à la grande stupéfaction de tous, Imady jaillit du lac.
Le roi ordonna de le jeter une seconde fois, puis une troisième fois. Il revenait toujours, de la même façon extraordinaire. En vérité, sous l'eau du lac, se trouvaient les zazavavindrano, les sirènes.
Elles portaient Imady hors de l'eau à chaque fois.

Fatigués de ne pas pouvoir éliminer le jeune homme ni par les airs ni par les eaux, les gardes abandonnèrent.
L'assistance était ébahie et secrètement joyeuse de voir que rien ne pouvait atteindre Imady.

SEKOLY

Feno fisalasalana, sady tsy te hamela ny toe-javatra ho vitavita foana amin'izao, ny mpanjaka dia namoaka didy fanibohana an'Imady ao amin'ny tranomaizin'ny lapa.

Ireo vehivavy sy ny tanora kosa, nitakoritsika nanao hoe : « Nahoana mihitsy moa no tovolahy mamy hoditra toa an'Imady ka hanao ratsy aman'olona ? Tokony hamela azy ny Mpanjakantsika, zava-tsoa ho an'ny fiainan'ny fianakaviana avokoa no nataon'Imady. »

Tamin'ny alina, nanonofy ilay mpanjaka. Nahita ilay reniny nanao hoe : « Imady, dia olona mendrika ! omeo azy ny fahafahana ».
- Tsia ! Tsia ! Tsia ! hoy ny valin-tenin'ny mpanjaka.
Koa satria nandà an'izay nambaran'ny reniny azy ny mpanjaka, dia nentin'ny reniny izy nankeny amin'ireo ranontany avy amin'ireo trano nasainy narodana.
Ireo mpiambina dia vehivavy romotra avokoa izay nivadika ho bibilava nandady, nampatahotra, ary niakatra ny lapan'ny mpanjaka…

Bien embarrassé, mais sans rien en laisser paraître, le roi ordonna à ses gardes de jeter Imady au cachot du palais royal.

Les femmes et les jeunes gens chuchotaient dans les rangs : «Comment un garçon aussi aimable qu'Imady pourrait faire du mal à quelqu'un ? Notre Grand Roi devrait lui pardonner, les actions d'Imady sont bonnes pour la vie de famille.»

La nuit, le roi fit un songe. Il vit sa mère : «Imady est une bonne personne. Accorde-lui sa liberté».
- Non ! Non ! Non ! répondit le roi.
Mais alors qu'il refusait de l'écouter, sa mère était emportée dans les éboulements des constructions détruites par ses ordres.
Les gardes étaient des femmes enragées qui se transformaient en serpents, et rampaient, redoutables, vers le palais du roi...

Taitra tamin'ny torimasony ny mpanjaka. Niverina tao an-tsainy ny tenin'Imady teny amoron'ny farihy : «Eny, ny ankamaroan'ny vehivavy dia mendrika haja sy voninahitra. Moa tsy natera-behivavy ve isika ?»
Nofohazin'ny mpanjaka ny vadiny :
- Ry vadiko ! Omeo hevitra aho ! Atao ahoana Imady ?
Notantarainy ilay nofy ratsiny. Gaga tokoa ny mpanjakavavy. Voalohany mihitsy izao ity vadiny ity no mba mila hevitra taminy momba ny raharaha ao amin'ny fanjakana.
- Ka inona no hatao amin'izany ? hoy ny vadiny, ianao ange no mpanjaka, ianao no manao ny lalàna handaminana ny vahoakanao sy ny firenenao.
- Te hohajaina noho ny hatsaram-panahiko aho, ny fahamatorako sy ny fahitsian'ny fanapaha-kevitro ! Hoy ny mpanjaka sady nisento izy.
- Izao àry e, omeo an'Imady ny fahafahany, avelao izy hanatsara ny fiainan'ny vehivavy. Izay no rariny sy hitsiny eo anatrehan' ny olona rehetra.
Omeo zo hianatra ny tovovavy. Tsotra izany, hoy ny vadin'ny mpanjaka.

Le roi se réveilla en sursaut ! Il se rappelait les paroles d'Imady au bord du lac :
«Oui, certainement, les femmes méritent honneur et respect. Ne sommes-nous tous pas nés d'une femme ?»
Il réveilla la reine :
- Chère épouse ! J'ai besoin de votre conseil ! Que faire avec Imady ?
Il raconta son cauchemar. La reine était doublement étonnée, c'était la première fois que son mari, le roi, la consultait sur les affaires du royaume.
- Comment faire ? dit-elle, vous êtes le roi, vous créez les lois pour gérer le peuple et le pays.
- Je veux être respecté pour ma bonté, ma rigueur et la justice de mes décisions, gémit le roi.
- Alors, libérez Imady, et laissez-le améliorer la vie des femmes. Ce sera justice pour tout le monde. Accordez aux jeunes filles le droit d'aller à l'école. C'est simple, dit la femme du roi.

Nahatsapa ny tenany ho nanam-bintana ny mpanjaka noho Imady tsy maty vonoina. Inona tokoa ny nanjo azy raha tompon'andraikitra tamin'ny fahafatesan' olona tsy nanao afa-tsy ny tsara ?
Noho ny tonga ny maraina, nampiantso an'Imady sy ny vahoaka ny mpanjaka.
- Ry Imady, tsapako izao fa olona hendry ianao. Noho izany, omeko anao ny fahafahanao. Nasehonao taminay fa ny asa rehetra nataonao dia asa entina manampy tokoa ny vehivavy, izay renintsika rehetra. Nanavotra ny voly ihany koa ianao. Noho izany ho raisiko ho mpanolotsaina ahy ato amin'ny fanjakana ianao.
Nihorakoraka sady faly erỳ ny vahoaka. Nihirahira sy nandihy ireo tanora, nitso-drano ny mpanjaka ireo vehivavy, ireo lehilahy nivondrona mba handamina ny « fiainana vaovao » eo amin'ny fanasana ny lamba... Nanonofy lehilahy toa an'Imady avokoa ireo tovovavy tao an-tanàna.

Le roi reconnut qu'il avait finalement de la chance qu'Imady fut invincible : comment aurait-il vécu s'il avait été responsable de la mort d'un homme qui n'avait fait que le bien ?
Quand vint le matin, il fit appeler Imady et son peuple.
- Imady, j'ai compris que tu étais un homme sage. Ainsi, je te rends ta liberté. Tu nous as montré que tes actions servent à aider les femmes, nos mères à tous. De plus, tu as sauvé la récolte. Aussi, je te nomme conseiller du royaume.
L'assistance cria de joie. Les jeunes gens se mirent à chanter et à danser, les femmes bénirent le roi, les hommes se réunirent pour organiser leur «nouvelle vie» au lavoir… Et toutes les jeunes femmes du village se mirent à rêver d'un homme comme Imady.

Angano , angano, arira arira, tantarao amin'izay mihaino tsara, mifarana eto ity tantara.

Raconte, raconte a ceux qui veulent croire, et c'est la fin de cette histoire.

Inona no voarainao tamin'ity angano ity ?

Ao aorian'ny angano, ny mpamaky dia afaka mametraka ireto fanontaniana manaraka ireto ary mampiasa ny valim-panontaniana atolotra ho
tari-dalana entina manentana ny ankizy :

1. Inona no resahina ao amin'ity angano ity ? Azonao fintinina amina fehezanteny iray ve ?

Ity angano ity dia miresaka ilay ankizilahy atao hoe Imady, izay zazalahy tena matanjaka sy tsotra, te hanampy ny mamany sy ireo vehivavy teo an-tanàna izy.

Ity angano ity dia milaza an'Imady izay mahita fa misy tsy rariny eo amin'ny fomba fitondrana ny ankizilahy sy ny ankizivavy teo
an-tanàna, ary tiany hovaina izany.

Ity angano ity dia milaza an'Imady izay matanjaka ary nanao asa maro ho an'ny tanàna, indrindra ho an'ireo ankizivavy sy vehivavy.

Ity angano ity ihany koa dia mitantara ilay mpanjaka izay nankahala an'i Imady, satria nanozongozona ny fanjakany.

Ity angano ity dia milaza an'Imady, miresaka ny maha olo-marina afaka mandravina ireo disadisa sy adiady tamin'ny fomba tsotra, tsy misy herisetra.

2. Iza avy ireo mpilalao fototra voalaza ao amin'ny angano ? Iza no voafaritra fa ankizy ?

Imady no mpilalao fototra. Ireo mpilalao hafa dia ny maman'I Imady, ireo namany (Tsilefy ary Ikala Soafy), ireo vehivavy teo an-tanàna, i Ramalaza mpanao fahagagana, ilay mpanjaka sy ny
mpiambina azy ny mpanjakavavy.

Qu'as-tu retenu de ce conte ?

A la fin du conte, le lecteur peut poser les questions suivantes et utiliser les réponses proposées pour guider la discussion avec l'enfant :

1. De quoi parle ce conte ? Peux-tu résumer l'histoire en une phrase ?

Le conte parle d'un petit garçon nommé Imady qui possède beaucoup de force et de gentillesse et qui veut aider sa mère et les femmes de son village.

Le conte parle d'Imady qui trouve qu'il y a des injustices entre les filles et les garçons dans son village et qui veut changer les choses.

Le conte parle d'Imady qui est très fort et va faire de grands travaux pour aider son village et soulager les filles et les femmes.

Le conte parle d'un roi qui veut se débarrasser d'Imady car il est jaloux et se sent menacé.

Le conte parle d'Imady, un homme juste qui résout les conflits et les disputes sans violence.

2. Qui sont les personnages principaux du conte ? Qui sont les enfants ?

Le personnage principal est Imady. Les autres personnages sont la maman d'Imady, les amis d'Imady (Tsilefy et Ikala Soafy), les femmes du village, le faiseur de miracle Ramalaza, le roi et les gardes et la reine.

3. Ao amin'ity angano ity, mitovy ve ny fitondrana ny ankizivavy sy ny ankizilahy ? Mahita tsy fitoviana eo amin'ny vehivavy sy lehilahy ve ianao ?

Tsia, tsy mitovy ny fomba fitondrana ny ankizivavy sy ny ankizilahy amin'ity angano ity. Ohatra amin'izany, ny ankizilahy ihany no mandeha mianatra. Ampianarina miady ihany koa izy ireo. Ny renim-pianakaviana dia miasa mafy na any an-tsaha na ao an-trano. Mifoha maraina izy mandrehitra afo, mikarakara ny sakafo, ny raim-pianakaviana anefa mbola matory amin'izany. Tsy manampy ny vehivavy amin'ny raharahan-tokantrano ny lehilahy. Ny mpanjaka moa dia mivoy hoe aleo hijanona amin'izao toerana izao ihany ny vehivavy.

4. Misy herisetra natao tamina ankizivavy na ankizilahy ve ao amin'ity angano ity ? Aiza ho aiza no ahitana taratra izany ?

Eny, ny fikasan'ny mpanjaka sy ny mpanompony hamono an'Imady tamin'ny alalan'ny fanipazana azy teny ambony tendrombohitra sy tanaty rano dia herisetra.

Teo amin'ilay vohitra iray, ny fifandraisan'ny ankizilahy sy ankizivavy dia tsy dia nahitana herisetra loatra noho ny fisian'Imady izay nandamina ny ady sy namaha ny olana rehetra. Saingy ny tsy fitoviana teo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy dia nitarika fanaranam-pilàna sy herisetra teo amin'ny vehivavy.

3. Dans ce conte, est-ce que les filles et les garçons sont traités de la même façon ? Vois-tu des inégalités entre les femmes et les hommes ?

Non, les filles et les garçons ne sont traités de la même façon. Par exemple, l'école n'est que pour les garçons. Les filles n'ont pas le droit d'y aller. Les garçons apprennent les arts du combat. Les mères ont plus de travail à la maison et aux champs. Elles se lèvent en premier pour allumer le feu, préparer les repas pendant que les pères dorment encore. Les hommes n'aident pas beaucoup les femmes dans les tâches ménagères. Le roi veut que les femmes restent à leur place et ne soient pas éduquées.

4. Est-ce qu'il y a de la violence envers les filles et envers les garçons dans ce conte ? Quels passages du conte trouves-tu violents ?

Oui, le roi et les gardes sont violents avec Imady par le fait de le jeter de la montagne et au fond du lac. Donc c'est une violence.

Dans le village, les relations entre les filles et les garçons ne sont pas trop violentes grâce à la sagesse d'Imady qui règle les disputes à l'amiable et en proposant des solutions avant que les bagarres n'éclatent. Mais les inégalités entre les femmes et les hommes créent des situations d'abus et de maltraitance dont souffrent les femmes.

5. Mba hampitsaharana ny tsy fitoviana sy ny herisetra, inona avy ireo vahaolana naroson'ny mpanoratra ao amin'ity angano ity ?

Mba hampitsaharana ny tsy fitoviana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy, dia nanolotra vahaolana maromaro toy izao manaraka izao ny mpanoratra :

- Ny fametrahana toerana fanasan-damba ho an'ny ankizilahy mba ahafahan'izy ireo manasa lamba, hanamaivanana ny asan'ny vehivavy.
- Ny fanamboarana lakan-drano mba hanamaivanana ny asan'ny ankizivavy amin'ny fantsakana rano sy fanondrahana tanimboly.
- Ny fanendrena an'Imady ho mpanolo-tsainan'ny mpanjaka tamin'ny fiafaran'ny Angano mba hiaro ny vehivavy.

6. Hitanao ve fa misy tsy rariny eo amin'ny ankizivavy sy ny ankizilahy na eo amin'ny fianakavianao, na any an-tsekoly, na eny an-tanànanao, na eny ambanivohitra na an-tanàn-dehibe, na ao amin'ny firenenao ?

Na eto Madagasikara na eran'izao tontolo izao dia misy hatrany ny tsy fitoviana eo amin'ny ankizilahy sy ny ankizivavy. Ohatra amin'izany, ny ankizivavy tsy dia manan-jo hianatra loatra, maro noho izany ny ankizivavy tsy mandeha any an-tsekoly noho ny ankizilahy. Amin'ny fianakaviana sasany na fiarahamonina, ny ankizivavy matetika tsy henoina teny loatra noho ny ankizilahy. Ny ankizivavy dia tsy tena voahaja loatra ary indraindray hambaniana raha mandray fitenenana. Ny mpitarika matetika dia ny ankizilahy ihany.

Misy ny tsy fitoviana sasany eo amin'ny ankizivavy-vehivavy ary ny ankizilahy-lehilahy miteraka herisetra satria rehefa tsy fantatry ny vehivavy ny zony, tsy nandeha an-tsekoly izy, tsy sahy mandray andraikitra na miaro tena ary tsy sahy manao tsia ihany koa.

Ny vehivavy sasany mbola mihevitra fa ny momba azy ireo dia miankina tanteraka amin'ny fanekena ny lehilahy ary ny adidiny ny mankato ny lehilahy. Ny lehilahy sasany indray dia mihevitra fa tokony mankato azy ny vehivavy. Amin'ny trangan-javatra manahirana, izany fanjakazakan'ny lehilahy izany,

5. Pour stopper les inégalités et la violence, quelles sont les solutions proposées par l'écrivain dans ce conte ?

Pour lutter contre les inégalités, l'écrivain a proposé entre autres les solutions suivantes :

- La construction d'un lavoir destiné aux garçons pour qu'ils puissent faire aussi la lessive et alléger le travail des femmes.
- La construction d'un canal pour alléger le travail des filles qui allaient chercher de l'eau pour irriguer les champs.
- La nomination d'Imady comme conseiller du roi à la fin du conte pour défendre et protéger les femmes.
- L'envoi de l'oiseau magique et des sirènes pour sauver Imady

6. Est-ce que tu trouves qu'il y a des injustices entre les filles et les garçons dans ta famille, ton école, ton quartier, ton village ou ta ville, ton pays ?

Il existe à Madagascar, et dans le monde entier, encore des inégalités entre les filles et les garçons. Par exemple, les filles ont moins accès à l'éducation, il y a plus de filles que de garçons qui ne vont pas à l'école. Dans certaines familles ou dans les communautés, les filles sont parfois moins écoutées que les garçons, elles sont moins respectées et parfois rabaissées ou humiliées lorsqu'elles prennent la parole. Les leaders ou ceux qui dominent sont encore souvent les garçons.

Certaines inégalités entre les filles-femmes et garçons-hommes peuvent entraîner de la violence lorsque les femmes ne connaissent pas leurs droits, n'ont pas accès à l'éducation, n'osent pas se défendre ou dire non.

Certaines femmes pensent encore que leur condition est d'être soumise aux hommes et que leur devoir est de leur obéir. Certains hommes pensent aussi que les femmes doivent leur obéir. Dans certains cas graves, cette domination entraîne des actes de violence sexuelle, psychologique, physique subis par les femmes.

dia mitarika herisetra ara-pananahana, ara-tsaina ary ara-batana mianjady amin'ny vehivavy.

Mila atao ao an-tsaina ihany koa anefa fa ny ankizilahy ihany koa dia mety iharana fanaranampilàna sy fampijaliana. Mila mihetsika hatrany mba hanafoanana ireo tsy fitoviana ary dia mba ho voaaro amin'ireo avokoa ny ankizy rehetra manoloana ireo karazana herisetra ireo.

7. Inona no afaka ataonao amin'ny maha ankizy anao mba hanatsarana ireo tranga ireo ?

Amin'ny maha ankizy anao dia azonao atao tsara ny mandray andraikitra mba hampitsaharana ny tsy fitoviana sy ny herisetra. Toa an'Imady, azonao atao ohatra ny :

- Manampy amin'ny asa andavanandro ao antokantrano ohatra ny mamelatra vilia, manadio trano, manasa vilia, sns.
- Tsy mifanditra na miady amin'ny iraitampo aminao na lahy na vavy
- Milalao miaraka amin'ny ankizivavy sy ankizilahy ao am-pianaranao ary miezaka mamaha ny disadisa amin'ny fomba tsy misy herisetra, amin'ny alalan'ny fifampiresahana.
- Miditra an-tsehatra raha ohatra mahita ankizilahy mampijaly ankizivavy na ankizilahy maneso azy satria izy ankizivavy.
- Mahafantatra ny zonao ary miresaka ny momba izany amin'ny manodidina anao, iray tam-po aminao izay ao an-trano na lahy na vavy, ny namana any an-tsekoly sy eny an-tanàna.
- Milaza amin'ny ray aman-dreny mba hitondra ny ankizy amin'ny fomba mitovy ary hiaro ny ankizivavy raha sendra misy manambany
- Mampilaza ny olon-dehibe raha mahita ankizy hafa tandindomin-doza na niharan'ny tsy rariny sy ny herisetra, ohatra hoe raha misy mamono.
- Milaza amin'ny olon-dehibe azo itokisana raha sanatria niharan'ny herisetra na nisy nampijaly ianao.
- Manohitra ireo fikasana hanao herisetra

Il faut aussi garder en tête que les garçons peuvent aussi être victimes d'abus et de violence. Il faut agir pour qu'il n'y ait plus d'inégalités et que tous les enfants soient protégés contre les violences !

7. Comment peux-tu agir en tant qu'enfant pour améliorer les choses ?

Tu peux, même en tant qu'enfant avoir un rôle pour stopper les inégalités et la violence. Comme Imady, tu peux par exemple :

- Aider dans les tâches quotidiennes de la maison comme mettre le couvert, faire le ménage, la lessive, etc.
- Ne pas te disputer ou te bagarrer avec tes frères et sœurs.
- Jouer avec les filles et les garçons dans ta classe et régler les disputes sans violence, en communiquant…
- Intervenir lorsque tu vois par exemple des garçons maltraitant des filles ou se moquant d'elles parce qu'elles sont des filles.
- Connaître tes droits et parler du droit des enfants autour de toi, à tes frères et sœurs à la maison, à tes amis à l'école ou dans ton quartier !
- Dire aux parents de traiter leurs enfants de façon égale et défendre les filles si elles sont rabaissées.
- Signaler à un adulte si tu vois un autre enfant en danger ou victime d'injustice ou de violence.
- Dire à un adulte de confiance si tu es victime de violence, si tu te sens maltraité.
- Dire non aux tentations de violences.

8. Mety azo atao ihany koa, ankoatra ireo fanontaniana ireo, ny miresaka malalaka amin'ny ankizy amin'ny alalan'ireto andiam-panontaniana ireto :

- Tianao ve ilay tantara, raha eny/tsia ? Inona no antony ?
- Iza no mpilalao ao amin'ny tantara tianao halaina tahaka ? Nahoana ?
- Efa nisy fotoana ve ianao nisy nanao fitondrana niavaka noho ny hafa noho ianao ankizivavy na noho ianao ankizilahy ?
- Mieritreritra ve ianao fa ny ankizilahy dia matanjaka kokoa noho ny ankizivavy ? Mieritreritra ve ianao fa ny ankizivavy dia matanjaka kokoa noho ny ankizilahy ?
- Inona no voarainao tao anatin'ilay tantara ?

Miainga avy amin'ny valinteny azo no hamporisihana hatrany ny ankizy mba hieritreritra fa ny ankizivavy sy ny ankizilahy dia mitovy ary tokony hifanaja sy hifampitondra anatin'ny fifandraisana tsy misy herisetra ary indrindra hisoroka ny herisetra eo amin'izy ireo.

Misy fahasamihafana tokoa eo amin'ny ankizivavy sy ny ankizilahy, fahasamihafana ara-biôlôjika ohatra, fa saingy mitovy zo izy ireo ary tokony hitovy ny fitondrana azy ireo na any an-trano na any an-tsekoly na eny amin'ny fiarahamonina na any amin'ny faritra na firenena misy azy avy. Araky ny fifanarahana iraisam-pirenena momba ny zon'ny ankizy ary ny lalàna malagasy, ny ankizy rehetra dia mitovy ary tokony hitovy ny fomba fitondrana azy. Tsy misy ambany, tsy misy ambony.

8. Au-delà de ces questions, le lecteur pourra avoir une discussion ouverte en posant à l'enfant les questions suivantes :

- As-tu aimé cette histoire et si oui ou non pourquoi ?
- Quel personnage de l'histoire aimerais-tu être et pourquoi ?
- T'es-tu déjà senti traité différemment parce que tu étais une fille ou un garçon ?
- Penses-tu que les garçons sont plus forts que les filles ? Penses-tu que les filles sont plus fortes que les garçons ?
- Qu'est-ce que tu retiens de cette histoire ?

En fonction des réponses, il faudra toujours encourager l'enfant à penser que les filles et les garçons sont égaux, doivent se respecter et entretenir des relations non violentes et toujours éviter la violence des uns envers les autres.

Il y a des différences entre les filles et les garçons, des différences biologiques et de force physique, par exemple, mais ils sont égaux en droit et doivent être traités de la même façon, à la maison, à l'école, dans leur communauté, leur quartier, leur région, leur pays. D'après la convention internationale des droits de l'enfant et la loi malgache, tous les enfants sont égaux et jouissent des mêmes droits, il n'y a pas un être inférieur ou être supérieur à l'autre.

Dans la même collection

« 5 histoires pour lutter contre les violences basées sur le genre et promouvoir l'égalité homme femme à Madagascar »







AFD
AGENCE FRANÇAISE DE DÉVELOPPEMENT

ECPAT France à Madagascar
Lot II U 21 Bis Ampahibe
101 Antananarivo, MADAGASCAR
Tél : +261 (0) 347183288
E-mail: DP-Madagascar@ecpat-france.org
http://www.ecpat-france.fr/

Cofinancé par l'Union européenne